Ny Valosoa sy hadihady

# Politika lany andro ny manao fitaovana politika ny ankizy

Fihetsika nalaina tahaka tamin'ny filoha amerikana tamin'ny fotoan'andro indray, no nataon'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ny faran'ny herinandro iny. Iaraha-mahalala, fa miharo politika hatrany no ataony isak'izay mihetsika mivoaka ny lapa. Ankizy indray no sehatra idirana, ary amin'io ankizy tsy ilay zanaky ny anjorom-bala, na adinon'ny fiaraha-monina, mba tsy ilazana hoe adinon'ny firenena sy indrindra ny fitondrana no anaovana fihetsiketsehana be. Ireo zaza matory an-dalana tsy misy mpiahy no tiana lazaina amin'izany. Tsy ao anaty kajin-dRajoelina ireny, sady tsy hitany rahateo izay vahaolana hanafoanana ny tsy hisian'izany ao anatin'izao fotoam-piasany efa misasaka izao. Raha tena mitsinjo ny zaza Malagasy marina, sy tsy miangatra amin'ny fijerena azy rehetra, dia efa tany am-piandohan'ny nandray fitondrana no efa natao izany. Fa satria mahery vaika ny fanakianana maro samihafa avy amin'ny mpanohitra, no sady sahirana tsy mahatafavoaka "baolina", dia mitady tany malemy hanorenam-pangady. Fanaon'ny fitondrany rahateo izany. Porofo akaiky mitohoka amin'ny tendany, ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena. Ny baolina kitra, ny Barea, no nisarika ny Malagasy maro, dia noezakezahina ny nanatona sy nanao fihetsika miseho fa tia baolina kitra izy sy ny fitondrany. Misy anefa taranja hafa tsy nojerena na nanaovana fanampiana toy ny an'ny Barea, raha tsy niezaka nangataka sy nitaraina niseho tamin'ny haino aman-jery amin'ny mba hanohanan'ny fanjakana ny sasany vao nitodihana.

Aoka tsy atao fitaovana politika amin'ny endriny samihafa ny ankizy, sy indrindra ny mpianatra any antsekoly. Leson-dratsy nipoitra hatrany amin'ny Repoblika faharoa izany, ary tokony efa hifarana tsy ho hita intsony. Efa tsy tokony ho hita intsony amin'izao fotoana izao, ny mpianatra ampiasaina eny an-tokontanin-tsekoly na an-dalambe, na amin'ny toeran-kafa miandry miaraka amin'ny mpampianatra na tomponandraikitry ny sekoly mandritry ny ora maro ny fahatongavan'ny tomponandraiki-panjakana hatramin'ny filohan'ny Repoblika. Mbola nahatarafana izany tao anatin'izao fitondrana milaza azy ho mahay sy babany izao. Ny firenena mandroso sady demôkratika efa miala amin'izany. Ny fahaiza-mitantana firenena no asongadin'ny mpitondra ao aminy, fa tsy fampiasana ho fitaovana politika ny zaza sy ankizy. Raha mbola izany no miseho eto dia tsy iadian-kevitra be, fa mbola tena firenena tsy mandroso ary mahantra i Madagasikara. Ny antenaina, dia ny ahitana an'i Andry Rajoelina mamakivaky an'Analakely mandeha an-tongotra, dia miresaka mivantana amin'ireo ankizy anjorom-bala, amin'ny 10 ora maraina mbola mivalampatra matory eny an-tsisin'arabe. Amin'izany, tsy misy kajikajy politika sy arofenitra be na sinema fa tena fidinana tampotampoka ary tsy misy fanomanana mialoha ataon'ireo mpisolelaka, sy mpila ranondranony. Amin'izay vao azo heverina ny amin'ny fisian'ny fiovan'ny fomba fiasa eo amin'ny fitondrana Rajoelina, raha ho vitany izany. Toa tsy ao anatin'ny eritreriny anefa izany, ny fidedahana amin'ny zavatra tsy laharam-pahamehana amin'ny vahoaka ihany, no maha maika azy mpitondra mianakavy amin'izao fotoana.

***Sôh'son***

Misaona ny tontolon'ny serasera

# Nodimandry ny mpanao gazety Edgar Rakotoarisoa

Misaona indray ny tontolon'ny serasera sy ny asa fanaovan-gazety eto amintsika. Nodimandry ny faran'ny herinandro teo ny mpanao gazety Edgar Rakotoarisoa, mpanao gazety tao amin'ny MBS Radio tamin'izany fotoana. Ankoatra ny maha-mpanao gazety azy, nampianatra ihany koa i Edgar fahavelony, mpampianatra tao amin'ny Lycée Miarinarivo faritr'Itasy izy. Eny amin'ny tranony eny Ambatolampy Tsimahafotsy ny nofo mangatsoakany amin'izao fotoana, hiala ao rahampitso alarobia maraina ary halevina any amin'ny fasan-darazany any Miarinarivo faritr'Itasy. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Stefa***

*Edgar Rakotoarisoa, mpampianatra sady mpanao gazety.*

RAHARAHAM-PIRENENA

# Hanao azy amin'izay ny FFKM

Somary nangingina ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM), izay ivondronan'ireo fiangonana efatra lehibe indrindra sy mahenika ny firenena manontolo dia ny '' Eklezia Episkopaly Malagasy na EEM'', ny ''Eglizy Katolika Apostolika Romana na EKAR'', ny ''Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara na FJKM '' ary ny ''Fiangonana Loterana Malagasy na FLM'' .

Nankalaza ny tsingerintaona faha-40 nijoroany ny ''Ffkm'' tamin'ny taona 2020, satria ny taona 1980 no taona nijoroany, semban-drahona ny fanamarihana io fahaefapolo taona io, satria nodimandry tamin'io 1980 io ny Pastora Rakotonirina David Filohan'ny ''Flm'' sady Filoha amperinasan'ny ''Ffkm'' tamin'ny taona 2020, noho ny valanaretina coronavirus.

Raha tsiahivina ny antompisian'ny ''Ffkm'' dia hanamafy ny firaisampinoana eo amin'ireo fiangonana tranainy , ao anatin'ny fanajana tanteraka ny foto-pinoana izay mety hisy fahasamihafana kely, fa ankoatr'izany dia manambatra ny heriny ireo fiangonana lehibe tranainy miara-mibanjina izay mahasoa ny firenena, ka tsy mitsitsy fitenenana mihitsy ny ''Ffkm'' rehefa mibirioka any amin'ny lalana tsy izy ny fitondrana ny firenena.

Nampiseho ny heriny sy nirotsaka namaha olana teto amin'ny firenena ny ''Ffkm'' tamin'ny taona 1991 sy 2002, fahombiazana ny vokatra azo tamin'izany, saingy tamin'ny taona 2009 dia nandamoka ny fanelanelanan'ny ''Ffkm'', ka niafara tamin'ny faharavan'ny fitondrana lanim-bahoaka ara-dalàna izay mbola mampilentika antsika hatramin'izao, voatery nisintaka kely mihitsy ireo ray amandrenim-piangonana taorian'io zava-doza nanjo ny firenena io, nandamina ny tao anatiny aloha vao niverina indray tamin'ny asa fandaminana teto amin'ny firenena.

Nofoanan'ny Filoha ankehitriny ny lanonana fifampiarahabana tratry ny taona nanomboka tamin'ny taona 2020, saingy ireo ray amandreny avy ao amin'ny '' Ffkm'' dia tonga teny an-dapa foana niarahaba an'Ingahy Filoha, noho ny fanajana ny ray amandreny mpitondra, izay tokony ho andraikitr'ireo mpitondra fivavahana. Maro anefa ireo alaim-panahy mihevitra mihitsy fa nahazo tampim-bava tany an-dapa ireo ray amandreny ireo matoa tsy miteny manoloana ny tsy ara-dalàna manjaka eto amin'ny firenena .

Tokony ho esorin'ny vahoaka kristiana antsaina izany fanahiana izany, satria raha misy ny olona azo antoka indrindra tsy ho azon'ny kolikoly dia ireo ray amandrenim-piangonana.

Amin'ity herinandro ity no ho tanterahina ny fihaonamben'ny "Ffkm" ary handray anjara ireo olon' ny fiangonana avy any amin'ny faritra, ny Alarobia 24 Novambra 2021 amin'ny 7 ora sy sasany maraina, no ho tanterahina eny amin'ny ''Flm'' Ambolonkandrina ny fotoampivavahana fanokafana ary ny Alahady 28 Novambra 2021 amin'ny 2 ora sy sasany ny fotoampivavahana famaranana, izay ho tanterahina eny amin'ny'' Ekar'' Ambohipo, ny fifampidinihina kosa dia ho tontosaina eny amin'ny ''Cenacle'' Ambohipo.

Ny fehinkevitra izay hivoaka dia antenaina, fa tsy hivaona amin'ny filamatry ny ''Ffkm'' dia ny 4F : Fiainkenkeloka, Fibebahana, Fahamarinana, Fihavanana, satria ny fiangonana dia azo antoka fa tsy maintsy hijoro noho izy ireo vavolombelona eo anatrehan'Andriamanitra sy Jesoa Kristy, ka inoana fa hitondra hafatra goavana handrava izay manimba ny firenena sady hanangana izay mifanaraka amin'izay sitraky ny avo. Raha fehezina dia hanao azy amin'izay ny FFKM.

*Ireo filoham-piangonana ao amin'ny FFKM.*

***Ny Valosoa***

TONONKALO

# Aoka izay ny disodiso

Tandremo indray ianao mandiso
Raha mampianatra kilonga.
Ny efa hainy , hamafiso,
F`aza atao somongamonga .

Ny "coton de Tulear"
Dia alika bebe volo.
Ahitsio mazava tsara
Mba ho ren`ny tontolo.

Fa tsy zavatra ambolena,
Ka hoe mila fanondrahana.
Indraindray omena hena,
Sady atao mba tsara fahana !

Ny omby vositra , fantaro
F`efa tsy azo ampanarahina,
Ka ny zaza , ampianaro,
F`aoka kely tsy hofitahina !

Ny vary , mba entano koa,
Fa tsara sady mahasoa,
Satria tsy miandry taona roa
F`am-bolana dia misy voa .

Santionany ny nolazaina.
Aok`izay ny "disokely".
Sao ianao dia hotsaraina
Ho mpitondra tsy modely.

***TSIMIMALO (21-11-21)***

PRIERE AU SACRE CŒUR

**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mirantsoa R.**